Manàna Antoka An'Andriamanitra

Ary toy izao no vakin'Izany.

Ary Elia ilay Tisbita, izay. . .mpivahiny iray *tany Gileada, nanao tamin'i Ahaba hoe, Raha velona koa ny Tompo Andriamanitry ny Isiraely, izay itsanganako eto anatrehany, dia tsy hisy ando na ranonorana amin'izao* telo *taona izao, raha tsy araka ny teniko.*

Ary ny tenin'ny Tompo tonga taminy, nanao hoe, Mialà eto ianao, ary mihodina ianao miatsinanana, ary afeno ny tenanao eo anilan'ny renirano Kerita—Kerita, (no tiako holazaina) *izay eo alohan'i Jordana.*

Ary izao no hiseho, fa ianao dia *hisotro avy ao amin'ny renirano; ary Izaho efa nandidy ny goaika hamahana anao*. . .

Dia lasa izy ary nanao araka ny *tenin'ny Tompo: fa nandeha izy ary nitoetra teo anilan'ny renirano Kerita, izay eo alohan'i Jordana.*

Ary ny goaika nitondra mofo sy hena ho azy ny maraina, ary mofo sy hena ny hariva; ary nisotro avy tamin'ny renirano izy.

Ary izao no niseho nony ela, fa ritra ny renirano, satria tsy nisy ranonorana tamin'ny tany.

Ary ny tenin'ny Tompo tonga taminy, nanao hoe,

Mitsangàna, ary *mankanesa ianao any Zarefata, izay naman'i Sidona, ary mitoera any: indro, Izaho dia nanendry vehivavy mpitondratena anankiray any mba hamelona anao.*

Dia niainga izy ka nankany Zarefata. Ary rehefa tonga teo amin'ny vavahadin'ny tanàna izy, indro, ilay vehivavy mpitondratena fa nanangona tapa-kazo teo: ary niantso azy izy, ka nanao hoe, Hakao aho, iangaviako ianao, rano kely amin'ny fisotroana, mba hahazoako misotro.

Ary rehefa lasa naka an'izany izy, dia niantso azy izy, ka nanao hoe, Itondray aho, iangaviako ianao, sombi-mofo iray eny an-tànanao.

*Fa hoy izy hoe, Raha velona koa ny Tompo Andriamanitrao, tsy manana mofo aho, fa koba eran'*ny *tànan'ila ao amin'ny barika, sy diloilo kely ao amin'ny*

tavoara: ary, indro, manangona tapa-kazo roa, ka hiditra aho ary hanamboatra azy ho ahy sy ho *an'ny zanako, mba hohaninay izany, ary ho faty.*

Fa hoy Elia taminy hoe, Aza matahotra; mandehana ary manaova araka ny nolazainao: nefa anaovy mofo kely ihany aho aloha, ka ento eto *amiko izany, ary avy eo dia manaova ho anao sy . . . ny zanakao.*

Fa hoy ny TOMPO *Andriamanitry ny Isiraely hoe, Tsy ho lany ny barikan'ny koba, na ho ritra ny tavoaran'ny diloilo, mandra-pandatsaky ny* TOMPO *ranonorana amin'ny tany.*

Ary nandeha niditra *izy ka nanao araka ny tenin'i* Elisa: *ary izy, sy izy, ary ny ankohonany, dia nihinana nandritry ny andro maro.*

Ary tsy lany ny barikan'ny koba, na ritra ny tavoaran'ny diloilo, araka ny tenin'ny TOMPO, *izay* nampilazaina *an'i Elia.*

Ho an'ny lahatenin'ity maraina ity, mialoha ny handehanana any ivelany mihitsy, dia nifidy lohahevitra anankiray aho, avy amin'ity: *Manàna Antoka An'Andriamanitra.*

2 Ary ankehitriny, Tompo, tahio ny Teninao raha hambara Izany, ary enga anie ny Fanahy Masina handrombaka ny sainay sy ny fisainanay, ka hanomana anay ho amin'ny Famangiany, raha mangataka Azy ho tonga izahay. Fa tsy tonga eto amin'ny tranon'ny Tompo izahay mba ho hita, na hahita, fa hianatra avy Aminao, sy hahafantatra ny Toetranao, sy ny Làlanao, ary ny Antonao, mba hahatonga anay ho afaka hiatrika an'ireo olan'ny fiainana, miaraka amin'ny tena antoka, manana antoka an'Andriamanitra. Ekeo izany, Tompo. Amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

3 Tsy maintsy ho maraina anankiray mahatsiravina izy ity. Tena nahamay loatra tamin'izany ary namovoka, ary ny olona dia teny an-dàlana, matin'ny hanoanana, ary tena nahamay loatra ny tany ka efa vonona ny handoro izy. Izany rehetra izany dia taratry ny fahotan'izy ireo sy ny fahalovan'ny toetran'izy ireo.

4 Hitanareo, Ahaba no nanjaka tao—tao Isiraely, tamin'izany fotoana izany, na teo amin'ny Isiraely, ary izy no ratsy fanahy indrindra tamin'ny mpanjakan'ny Isiraely rehetra. Tsy nisy mpanjaka izay ratsy fanahy noho i Ahaba, satria izy, dia nampianarina ary nahafantatra bebe kokoa, dia tsy nitsahatra nanohy ny hanafintohina an'Andriamanitra tamin'ny zavatra rehetra izay nataony. Na dia nanana rafitra ara-miaramila lehibe aza izy, ary ny olona dia lasa tena ambinina teo ambanin'ny fanjakany, saingy, kanefa, tsy afaka ny hanafintohina an'Andriamanitra ianareo ary manantena ny hilamindamina ela loatra.

5 Ary avy eo, tao amin'ny fampakaram-badiny, raha tokony hanambady ny avy ao amin'ny vahoakany, dia lasa izy ary nanambady mpanota anankiray, mpanompo sampy anankiray, mivavaka amin'ny sampy. Nanambady an'i Jezebela izy. Ary tsy mpino izy io.

6 Ary tsy misy mpino anankiray mihitsy tokony hanambady tsy mpino anankiray, amin'ny fomba rehetra. Samy mpino no tsy maintsy mifanambady.

7 Saingy nanao an'io zavatra ratsy io i Ahaba. Ary tsy isalasalana fa tena vehivavy tsara tarehy anankiray i Jezebela. Ary lavo tamin'ilay endriny izy, raha tokony ho izay naha-izy azy. Izany no mahatonga ny olona maro, manao an'io fahadisoana io, hatramin'izao andro izao.

8 Ary nitondra fanompoan-tsampy tao amin'ny firenena izy, teo anivon'ny olona. Ary ny olona, ireo mpisorona, ireo mpitoriteniny, dia lavo tratran'izany fitakiam-bahoaka lehibe izany.

9 Ary izany dia tena sarin'ny firenentsika ankehitriny. Lavo eo ambanin'ireo fitakiam-bahoaka isika. Tsy isalasalana fa ireo mpisorona dia nihevitra fa hety tsara izany, raha mbola eken'ny governemantantsika foana izany. Saingy tsy ahoako izay eken'ny governemanta, tsy maintsy izay eken'Andriamanitra ilay izy. Ary ny olona dia nihevitra fa hety tsara ilay izy raha mamela ny sasantsasany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao izy ireo.

10 Ary mety misy anankiray hanontany ahy mba hanoritra an'izay vao avy nolazaiko, fa hoe tena mitovy amin'ny sarin'ny ankehitriny izany. Isika angamba tsy mieritreritra fa mpivavaka amin'ny sampy isika, saingy izany isika. Ary manamarina an'izany ny governemanta. Ny olona ankehitriny dia mpivavaka amin'ny sampy, satria izy ireo—izy ireo dia manompo sampy. Ny sasany amin'izy ireo dia manompo mpilalao malazan'ny sarimihetsika, ho sampy. Ny sasany manompo vola, ho sampy. Ary ny sasany manompo mpilalao malazan'ny televiziona, toy ny sampy. Saingy izay rehetra apetrakareo alohan'Andriamanitra dia sampy anankiray, tsy mampaninona na inona izany na inona.

11 Na i Satana aza, ilay fahavalontsika lehibe, dia tena fetsy anankiray, hany ka napetrany aza, indraindray, ny fiangonana ho alohan'Andriamanitra. Afaka manana fiangonana lehibe anankiray ianareo. Mety ho trano lehibe anankiray angamba izany, na mety ho anaram-piangonana lehibe anankiray izany. Ary, mbola, angamba mety ho fikambanana lehibe anankiray izany, saingy aza mamela na inona na inona ho tonga alohan'Andriamanitra, ao amin'ny fonareo. Ny zavatra rehetra, ka alohan'Andriamanitra, dia sampy anankiray.

12 Ary ireo olona ireo dia tsy nahafantatra fa tsy ara-panahy izy tahaka ny naha-izy azy ireo taloha, teo ambanin'ny fanjakan'ireo

mpanjaka hafa. Ary nieritreritra izy ireo, satria fotsiny hoe firenena mpivavaka izy ireo, dia hety tsara ny zavatra rehetra. Ary izany ihany koa no fomba nahatonga antsika eo amin'izao toerana izao.

13 Volana vitsy lasa izay dia niresaka tamin'ny sakaizako tena tsara anankiray aho. Ary hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, izaho dia mino fa ianao dia manapaingotra mafy loatra an'ity Etazonia ity." Hoy izy hoe, "Ianao dia mikiakiaka ny ota sy izay hanasazian'Andriamanitra an'ity firenena ity."

14 Hoy aho hoe, "Tsy maintsy hanao an'izany Izy, mba ho marina."

Hoy izy hoe, "Nefa, Rahalahy Branham, adinonao fa ity firenena ity dia naorina teo ambonin'ny Soratra. Ary ireo razamben-tsika dia tonga teto, ary Andriamanitra no nanome antsika an'ity lova ity. Ary isika dia firenena anankiray mpivavaka."

15 Hoy aho hoe, "Marina izany, izany rehetra izany. Ary tsy misy tsy mahafantatra hoe toy ny ahoana no ankasitrahako an'ity firenena ity! Saingy, jereo, ry rahalahiko, Isiraely dia voafidin'Andriamanitra, ary Izy dia nandefa mpaminany sy olona malaza ho azy. Saingy tsy mandefitra amin'ny fahotana Andriamanitra. Nataony nijinja ny voa rehetra izay nafafiny Isiraely. Ary raha Nataony nijinja an'izay nafafiny Isiraely, dia hanao antsika hijinja an'izay nafafintsika Izy. Tsy manao fanahavana olona Izy."

16 Ary isika dia tonga eo amin'ny toerana hieritreretana an'izany satria isika dia mionona fotsiny eo amin'izay nataon'ireo razamben-tsika, na eo amin'ireo mpanorina lehibe an'ireo fiangonantsika, eo amin'ireo fanatitra lehibe an'izy ireo ho an'Andriamanitra, izay tena mety tsara sy tena nankasitrahana tokoa, saingy tsy afaka misintona ny famonjena avy amin'izay nataon'izy ireo isika! Ny famonjena dia raharaha isam-batan'olona eo amin'ny olona tsirairay sy Andriamanitra. Tsy amin'ny firenena, miaraka amin'ny fiangonantsika, fa miaraka amin'ny tenantsika eo anatrehan'Andriamanitra, no amaliantsika.

17 Tonga eo amin'ny toerana izany eto amin'ny firenentsika, na eo anivon'ireo olona tena ara-panahy izay ananantsika aza, mankeo amin'ny lehilahy sy vehivavy ara-panahy ianareo, ary mahita ianareo ao amin'ny fon'izy ireo fa misy zavatra banga ao.

18 Isika dia nanana, tao anatin'ny herinandro vitsy farany, dia nanamarina ny sasantsany tamin'ireo zavatra ireo aho, ary nahita an'izany tao amin'ireo lehilahy izay noheveriko fa ny ivo, kanefa hitako fa izy ireo dia manisy tsindrimpeo eo ambonin'ny zavatra ara-materialy, mandeha dia manao hoe, "Andriamanitra dia manome ahy ny *izao-sy-izao* lehibe indrindra. Andriamanitra nanome . . . " Mihambo ianareo.

19 Ny zavatra ara-materialy lehibe dia tsy midika ho sitrapon'Andriamanitra foana. Andriamanitra dia manao ny ranonorana hilatsaka amin'ny marina sy tsy marina. Saingy ny ilain'izao tontolo izao ankehitriny dia tsy hambom-pinoana, miezaka mihambo amin'ny tenanareo ao amin'ny zavatra anankiray ka miantso an'izany ho ara-panahy.

20 Indraindray ny finoana dia hanao fahagagana lehibe, nefa tsy mbola avy amin'ny fo ara-panahy. Tsy niteny ve ny Tompontsika? "Maro no ho avy eo Amiko, amin'izany andro izany, ka hanao hoe, 'Tsy efa nanao an'*ity* sy *itsy* ve aho, tamin'ny Anaranao?' Ary Izaho hanao amin'ireo hoe, 'Mialà Amiko, ianareo mpanao heloka.'" Inona ny heloka? Izany dia zavatra izay fantatrareo fa tsara hatao nefa tsy hataonareo izany. "Tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho," no Holazainy. Ary miaina amin'izany andro izany isika.

21 Ny ilaintsika ankehitriny dia tsy zavatra ara-materialy be dia be. Izany no ananantsika. Tsy mila fiangonana lehibe kokoa isika. Tsy mila fikambanana lehibe kokoa isika. Tsy mila radio sy televiziona maro isika. Tsy mila betsaka loatra an'ireo zavatra ireo isika. Fa ny ilaintsika ankehitriny, mba ho ara-panahy, dia olona anankiray izay hanetry ny tenany eo anatrehan'Andriamanitra, na dia tsy manana iraimbilanja aza izy ireo, ary hivavaka mandra-pahatongan'ilay fanahy ho ao anatin'izy ireo ho afa-po miaraka amin'ny fahatsaram-panahin'Andriamanitra, ary fifohazana iray no mitranga ao anatin'ny fon'izy ireo, izay hanova ny toetrany sy ny hafanana izay iainan'izy ireo.

22 Mety tsy hanana kiraro akory aza ianareo eny amin'ny tongotrareo, mety hiakanjo vorodamba ianareo, saingy misy zavatra ao am-ponareo mihira ny feon-kiran'Andriamanitra. Aleoko manana an'izany toy izay ny vola rehetra eto amin'izao tontolo izao.

23 Noho izany dia tsy afaka milaza ianareo fa ireo zavatra natoraly dia famantarana foana ny fitahian'Andriamanitra. Niteny an'izany tamin'ny Tompo i Davida, fa nahita ny ratsy fanahy izy nanitatra ny . . . tahaka ny hazo midoroboka. Saingy nanontany azy Andriamanitra hoe, "Efa mba noheverinao ve izy tany amin'ny farany?" Tsy mampaninona na tsara toy ny inona aza ny akanjo izay anaovantsika, impiry isika no tsy maintsy hihinana, fa tsy izany no mandeha eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Ity vatana izay itoerantsika ity, dia simba, na ahoana na ahoana nikarakarana azy. Fa ny fanahy izay ao amin'ny olona izany; izany dia toetra iray an'ilay fanahy izay miditra ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra velona.

24 Saingy isika dia mihevitra ny zavatra ho mety. Isika dia mihevitra fa satria fotsiny hoe isika dia firenena iray . . . Nanana an'izany koa i Ahaba sy ny Isiraely rehetra, tamin'izany andro

izany, nihevitra ny zavatra ho mety, hoe ny zavatra rehetra dia nety tsara. Ireo mpisorony sy mpitory teniny dia niezaka niteny tamin'izy ireo hoe, "Ny rehetra dia tsara. Mahafinaritra mihitsy ny zavatra rehetra." Saingy nanana anankiray izy ireo, niantsoantso nanohitra an'ilay zavatra ratsy izy, satria io anankiray io dia nahafantatra fa ny Andriamanitra masina anankiray dia tsy mety ho afa-po amin'ny fironana moderina an'ny fivavahana tsy masina anankiray.

25 Toy izany koa no ijoroan'ilay Andriamanitry ny Lanitra ankehitriny. Ao anatin'ireo fiezahantsika rehetra sy ireo zavatra goavana izay ezahantsika hatao, dia tsy hahafaly an'Andriamanitra mihitsy ankoatry ny fiainana nohamasinina manontolo eo Anatrehany.

26 Afaka manorina sekoly isika, sy toerana fivahinianana, ary tabernakla. Afaka manana rafi-pandaminana isika. Afaka manao zavatra lehibe isika, nefa kosa tsy ho afa-po Andriamanitra raha tsy ilay fanahin'olombelona no tonga voamasina anankiray eo amin'ny alitaran'Andriamanitra, voatokana ho an'ireo asan'Andriamanitra. Fa tsy mahita an'izany intsony ianareo.

27 Hitanareo fa tena malemy ireo fivoriam-bavaka antsika, vavaka eo amin'ny iray minitra eo fotsiny, dia mitsambikina eny am-pandriana. Hitantsika fa izany no mitranga indray na indroa isan'andro. Fa, isika rehetra dia meloka. Ny firenentsika, ara-pitondrantena, dia mihalo. Manana an'ireo Billy Graham sy ireo Oral Roberts isika na aiza na aiza. Saingy mandra-pahatonga ny hetaheta anankiray ao amin'ny fon'i Amerika, mba hamerina azy eo amin'Andriamanitra velona indray, eo amin'ny fahatsapana velona, eo amin'ny finoana tsy mety maty an'Andriamanitra velona. Mikapoka ny atidohan-tsika fotsiny isika, mba hilazana azy, eo.

28 Afaka mandeha miaraka amin'ny tratrantsika mibontsina isika, miaraka amin'ireo vozon'akanjontsika mivadika any aoriana, ka mandeha eny an-dalàna, ary maniry ny hantsoina hoe "Dokotera" na "Revera." Afaka mitandrina an'ireo fiangonana lehibe indrindra isika izay misy eo amin'ny tany, ary afaka ny ho tena mpivavaka arak'izay azontsika atao isika, ka tsy misy olona afaka ny hametraka fanondro iray eo amin'ny fiainantsika. Saingy mandra-pahatongan'io fanahy izay ao anatintsika io hirehitra ho an'Andriamanitra, mandra-pisian'ny zavatra anankiray ao anaty ao, izay haniry Azy! "Tahaka ny diera mihanahana maniry ny rano an'ony, no anirian'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra." Mandra-pahatongantsika eo amin'izany karazana fahatsapana iray izany!

29 Noho izany, kaominisma, sy ny sisa, dia hahazo ny tany tahaka ny ataon'izy ireo, ary ireo fikambanana rehetra izay azontsika atao dia tsy hampijanona an'izany mihitsy. Efa

voalaza mialoha izany fa ho tonga. Fa Andriamanitra kosa dia miantso ny Fiangonany.

30 Toy inona no tsy maintsy nahatongavan'ity vehivavy kely ity ho toetran'i Elia! Satria, mazàna dia ny fihetsikareo no mampiseho hoe iza ianareo. Ary, mbola, izy no voafidy hampiantrano ny mpaminanin'Andriamanitra. Tsarovy, Jentilisa izy, fa tsy Jiosy.

31 Ary ny tany dia nandoro. Ary tsy isalasalana fa ity vehivavy kely ity, amin'ny maha-ilay toetra azy, amin'ny maha-karazana mpino azy. . . Fa hitantsika fa tsy hiantso azy Andriamanitra, raha tsy anankiray mendrika hampiantrano ny mpaminanin'Andriamanitra izy. Fa Izy tsy haniraka ny Mpaminaniny mihitsy ho any amin'ny trano anankiray izay tsy mendrika.

32 Tsy ny fifidianany izany. Fifidianan'Andriamanitra izany. Tsy ny fanasany azy izany. Fanasan'Andriamanitra azy izany. Napetraka teo anilan'ny renirano iray izy. Ireo goaika no namahana azy. Fa baikon'Andriamanitra ilay izy ho an'ny zavatra anankiray hitranga. Ary azo antoka fa Andriamanitra dia nandeha tany amin'ny mpino anankiray mitovy toetra amin'i Elia.

33 Vehivavy mpitondratena anankiray izy. Ary isika rehetra dia mahafantatra hoe inona no, vehivavy mpitondratena anankiray, tsy maintsy nolalovany, miaraka amin'ny vadiny maty sy tovolahy tanora anankiray ho tezaina.

34 Ary tao amin'ireo tany ireo, dia niankina tamin'ireo vokany izy ireo. Tsy mba nanana tetik'asa tahaka ny ananantsika ankehitriny izy ireo, sy—sy fiarovana ny voly. Niankina tamin'ireo vokany izy ireo. Ary satria ny heloky ny olona, sy ireo fitondrantenany mihalo, no nitondra hain-tany teo amin'ilay tany, dia indro izy rehetra fa noana ary maty.

35 Ary avy eo dia hitantsika fa tsy isalasalana fa nivavaka isan'alina izy, alina manontolo, raha nahita an'ilay barikan-koba nanomboka nidina, nidina, nidina. Ary izany dia tsy maintsy tonga teo amin'ny toerana anankiray hany ka tsy nisy na dia koba eran'ny kaopy intsony aza tao anatin'ny barika. Ny sisa nananany dia eran'ny tànan'ila kely fotsiny. Tonga teo am-bavahady avy hatrany ny fahafatesana, teo am-baravarana. Satria tsy nisy fomba hafa hahazoana intsony. Ny firenena manontolo no noana.

36 Ary, ilay diloilo, dia eran'ny sotro tsara fotsiny no sisa tavela tao amin'ilay fitoerana. Io habetsahan-diloilo io sy io habetsahan-koba io no nipetraka nanelanelana azy sy ny fahafatesana. Tsy maintsy ho tena tsotra izy mikasika ny fivavahany. Avelao handona ny ao an-tranonareo izany, dia ho tsotra bebe kokoa izany noho isika izao maraina izao, rehefa fantatsika fa io fahafatesana io no mipetraka eo am-baravarana.

37 Ary mino aho, angamba, nieritreritra isika, angamba, an'io, fa nivavaka lavabe nandritry ny alina manontolo izy, satria miampy andro dia vita ny aminy. Afaka nijery an'ireo molotra hatsatra an'ilay zanany kely tokony ho telo na efa-taona teo izy. Ary afaka nahita an'ireo taolany manokana niha-nifintina izy, rehefa niala tamin'izy ireo ilay nofo. Ary tsy maintsy ho zavatra mampatahotra anankiray izany, ho an'ity reny ity, ny mahita an'ireo zavatra ireo miseho. Ary, kanefa, miaraka amin'ireo tànany eo anatrehan'Andriamanitra, mivavaka andro aman'alina, "Ankehitriny koba eran'ny tànan'ila sy diloilo eran'ny sotro sisa no anananay."

38 Fantatrareo, zavatra hafahafa ilay izy. Enga anie Andriamanitra handentika an'izao ao anatin'ny tsirairay aminareo, raha tsy handre ahy hitory teny intsony indray ianareo. Aoka mba ho hafatra anankiray izao. Hafahafa ilay izy, tena hafahafa, fa indraindray Andriamanitra dia manao zavatra amin'izany fomba izany.

39 Fantatrareo, rehefa nifona ny fahotantsika isika ka nahatanteraka an'ireo fitakiana tsirairay izay takian'Andriamanitra . . . Nino an'Andriamanitra isika. Misy toe-javatra izay tsy maintsy notanterahina, ary izany dia araka ny Sitrapony. Ary nifona ny fahotantsika isika, ary isika dia nanao ny ratsy rehetra izay nataontsika, hahitsy, nanao ny zavatra rehetra izay haintsika hatao. Ny fitakiana tsirairay izay nataon'Andriamanitra, na nangatahana, dia notanterahintsika ilay fitakiana, kanefa mbola mitoetra mangina Izy. Tsy hamaly antsika fotsiny Izy.

40 Azoko antoka fa miresaka amin'ny olona aho, izao maraina izao, izay tonga eo amin'io toerana io. Efa teo amin'izany aho, im-betsaka, ny tenako. Rehefa niverina aho ka nanamarika ny fiainako ary namadibadika ny vato tsirairay, ka nahita fa nanao zavatra ratsy aho, dia nandeha aho nifona an'izany ka nanao hoe, "Tompo Andriamanitra, hahitsiko izany," ary nataoko izany. Avy eo aho dia miverina indray ka manao hoe, "Ankehitriny, Tompo, Andriamanitra Ianao; hamaly ahy Ianao. Azo antoka fa nahatanteraka ny fangatahana tsirairay izay Notakianao tamiko mba hatao aho. Ary ny fitakiana tsirairay, notanterahiko izany." Fa mbola tsy nihetsika foana Izy, tahaka ny hoe mijanona mangina, dia eo amin'izany no tokony hanananareo antoka fa Andriamanitra Izy. Aza kivy. Ny zavatra tokana dia, izao, ao am-ponareo, manàna antoka an'Andriamanitra.

41 Ilay lohahevitro. Manàna antoka, aloha, mialohan'ny hanaovanareo zavatra. Manàna antoka, ao am-ponareo, fa Andriamanitra izany. Ary rehefa nahatanteraka ny zavatra rehetra izay Nolazainy ianareo, avy eo azonareo antoka fa Andriamanitra Izy, dia eo amin'izany no handeha hiasa ny finoana, eo mihitsy. Mihazona mafy ny finoana, satria fantany fa misy Izy.

42 Ary nahatanteraka ny fitakiana tsirairay ianareo. Mino ianareo fa misy Izy, ary mifikitra mafy ny finoana. Oh, isaorana ny Anarany! Tsy hihetsika ny finoana, satria azony antoka fa misy Andriamanitra, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Azy fatratra.

43 Enga anie izany hilentika lalina ary tsy hiala ao aminareo intsony, ry Branham Tabernacle. Raha nahatanteraka an'ireo fitakian'Andriamanitra ianareo, ka ao amin'ny fonareo ao no inoanareo fa misy Izy, dia mizaha toetra ny finoanareo fotsiny Andriamanitra, satria Tiany ny manao an'izany. Raha nifona ny fahotanareo ianareo ka nanatanteraka ny fitakiana tsirairay izay takian'Andriamanitra, ka mbola mitoetra mangina foana Izy, dia tsarovy, ny finoana dia milaza fa misy Izy. Amin'izay fotoana izay dia mifikitra amin'izany ny finoana, tsy mahafantatra ny momba an'izany rehetra izany, fa mahafantatra kosa fa misy Izy, ary manana antoka fa misy Izy.

44 Koa, tsarovy, raha misy Izy, dia tsy maintsy ho marina ireo Teniny. Ary raha nitaky taminareo Izy mba hiatrika an'ireny toe-javatra ireny, ka nataonareo, dia voatery Izy hitandrina ny Teniny. Aza mihemotra, ka hanao hoe, "Eny, tsy nety sitrana mihitsy aho. Izaho . . . " Oh, ianareo mahantra, malemy finoana. Aza mino an'izany. Rehefa voafona ny zavatra rehetra, ka nivoaka ny zavatra rehetra, ary notanterahinareo ny fitakian'Andriamanitra, dia mifikitra tsara eo ny finoana. Tsy hisy na inona na inona hanetsika azy. Misy Izy, ary azonareo antoka. "Izay miandry ny Tompo dia hanavao ny tanjany; elatra no hiakarany toy ny an'ny voromahery. Hihazakazaka izy ireo nefa tsy ho sasatra; raha mandeha izy ireo, dia tsy ho reraka izy ireo."

45 Miandrasa, rehefa nahatanteraka ny Fitakiany ianareo. Izany no mitondra ny finoanareo eo amin'ny fampisehoan-kery anankiray. Rehefa notanterahinareo . . . Vita ireo fitakian'Andriamanitra, na notanterahina, ary notandremanareo tanteraka izany, ary nataonareo ny zavatra rehetra izay notakian'Andriamanitra hataonareo, amin'izay fotoana izay dia hipetraka tsara eo ny finoana, fa misy Izy. Manàna antoka an'Andriamanitra.

46 Fantatrareo, Tiany ny mizaha toetra antsika. Tiany ny hahita ny fihetsiky ny finoanareo. Efa fantatrareo ve izany? Tian'Andriamanitra ny mahita hoe ahoana no ho fihetsikareo. Rehefa hoy ianareo hoe, "O Tompo, mino Anao aho. Ianao no Mpamonjiko. Mino aho fa Ianao no Mpanasitrana. Mino aho fa Ianao ilay Tokana Izay manome ny Fanahy Masina. Ary ireo zavatra izay takiako, dia Ianao no Andriamanitra Izay manome an'izany." Ary amin'izay fotoana izay rehefa mifona ny fahotanareo rehetra ianareo ka manome toky an'Andriamanitra izay hataonareo rehefa hamela anareo ho tsara Izy, ary avy eo satria tsy nitranga ilay izy, dia mitsoaka ianareo tahaka ny

kanosa anankiray any ho any. Tsy afaka mampiasa an'izany Andriamanitra. Tsy misy fomba mihitsy ho Azy hampiasana anareo. Tsy misy fomba mihitsy ho Azy hamaliana anareo, satria amin'ny alàlan'ny finoana ihany no Hamaliany. Avy eo, tampotampoka eo, dia lasa ianareo, ary dia tsy afaka mamaly Izy. Fa ny tena, finoana marina dia mijoro eo, mahazo antoka fa misy Andriamanitra. Manàna antoka fa misy Izy.

47 Ary raha Andriamanitra no mangataka an'izany zavatra izany mba hatao, hifona ny fahotanareo, sy ny sisa, ka nataonareo izany, dia milaza ny finoana fa misy Izy, manana antoka izy fa hitranga izany. Tsy maintsy ho ekena ny fangatahanareo. Oh, izaho—izaho dia manantena fa tsy diso an'izany ianareo. Raha mahazo antoka an'Andriamanitra ianareo, dia azo antoka amin'ny Teniny Andriamanitra. Miandry fotsiny ny hizahana toetra anareo Izy.

Nanao an'izany im-betsaka Izy. Ndao isika hitantara zava-miseho iray na roa.

48 Ndao isika hieritreritra an'ireo zaza Hebreo. Tsy tokony niondrika teo amin'ny sampy anankiray izy ireo. Nanana fahatokiana azy ireo Andriamanitra. Ary rehefa henon'izy ireo fa tsy maintsy handeha ao amin'ny lafaoro misy afo izy ireo, dia hoy izy ireo hoe, "Ny Andriamanitray dia afaka mamonjy anay amin'io lafaoro io. Fa na tsy hanao an'izany aza Izy, dia tsy miankohoka eo amin'ny anankiray amin'ireo sampinao izahay." Hitanareo, izy ireo dia nahazo sy nanana antoka an'Andriamanitra.

49 Fantatr'izy ireo fa Izy no Jehovah. Fantatr'izy ireo fa namaly vavaka Izy. Fa na hanao eo amin'ny zava-miseho amin'izy ireo Izy, na tsia, dia ho an'ny soa ho azy ireo izany. Koa nanao ny filazany fotsiny izy ireo, nifona an'ireo fahotany, ary nandeha tao anatin'ny fahafatesana.

50 Rehefa nandeha teo amin'ilay lafaoro misy afo izy ireo, nahafantatra fa nanana antoka izy ireo, fa, raha hamela azy ireo ho may Andriamanitra, dia hanangana azy ireo indray Izy, ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty. Nanana antoka an'Andriamanitra izy ireo, satria nahafantatra izy ireo fa Andriamanitra dia hiasa amin'ny zavatra rehetra ho an'ny soa ho azy ireo. Ary rehefa manana antoka an'Andriamanitra isika, dia fantatsika fa Andriamanitra dia miasa amin'ny zavatra rehetra ho an'ny soa ho antsika.

51 Koa, nanao filazana anankiray izy ireo. Nanana antoka izy ireo, ary nandeha avy hatrany tao amin'ilay lafaoro misy afo. Ary Andriamanitra namela azy ireo nandeha tao; nipetraka, nijery azy ireo. Tiany ny hahita izay fihetsik'izy ireo.

52 Rehefa, hoy ilay mpanjaka hoe, "Niondrika ve ianareo rehefa notsofina ny trompetra?"

Hoy izy ireo hoe, "Tsia. Tsy niondrika izahay." Izay ilay finoanareo, mifikitra mafy.

"Eny, koa, raha tsy niondrika ianareo, fantatrareo ny lalàko."

"Eny, fantatray ny lalànao."

"Ny lalàko dia hoe hafanaina hafana im-pito noho izay naha-izy azy ny lafaoro, ary hatsipiko ao anatiny ao ianareo. Hiondrika amin'izay ve ianareo ankehitriny?"

"Tsia. Tsy hiondrika izahay." Izay ilay finoan'izy ireo.

53 Hoy Andriamanitra hoe, "Eny, ho Hitako izay hataon'izy ireo ny amin'izany. Ho Hitako hoe inona no fihetsika ananan'ny finoan'izy ireo."

54 Koa hoy izy, "Afatory ny tànan'izy ireo, ary afatory ny tongotr'izy ireo, ary tariho ho any amin'ny lafaoro izy ireo." Ary nandeha teo amin'ilay lafaoro izy ireo, miaraka amin'ny afo teo amin'ny tavan'izy ireo. Mbola nitsangana teo foana Andriamanitra, nijery an'ilay izy. Saingy nanana antoka izy ireo fa Izy no Andriamanitra. Efa nataon'izy ireo ny fifonany. Nataon'izy ireo tsara ny zavatra rehetra, izay fantatr'izy ireo. Nanana antoka izy ireo fa Izy no Andriamanitra.

55 Koa nandeha avy hatrany teo amin'ilay lafaoro misy afo izy ireo. Tamin'ny fotoana farany mihitsy, indro Izy tonga nivoaka avy tany an-danitra, teo ambonin'ny kalesy rivotra, nikopaka an'ireo lavenona teo amin'izy ireo, raha nampionona azy ireo Izy sy niresaka tamin'izy ireo.

56 Andriamanitra dia mamela ny finoanareo ho tonga eo amin'ilay faritra izay hihetsehany.

57 Nisy an'i Joba, ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa i Satana, ilay mpiampanga antsika, no niampanga azy ho mpanota miafina anankiray. Saingy i Joba dia nahafantatra fa tsy nanota izy. Fantany fa nifona ny zavatra rehetra izay nataony izy, ary nametraka fanatitra dorana anankiray tany. Izany no fitakian'Andriamanitra. Ny zavatra tokana notakian'Andriamanitra, dia io fanatitra dorana io ary fifonana anankiray. Ary nanao an'ireo zavatra ireo i Joba.

58 Ary hoy Satana hoe, "Halaiko ireto ramevany ireto, satria lehilahy mpanankarena izy. Halaiko ny ondriny." Ary farany dia nalainy ireo zanany, ilay akaikin'ny fony indrindra.

59 Kanefa, mbola nifahatra i Joba, satria fantany io Andriamanitra io. Eny, nanana antoka izy fa Izy no Andriamanitra, satria niresaka Taminy izy, ary nahatanteraka an'ireo Fitakiany izy. Nikaroka izy ary nahita, "Nataoko daholo ny fanatitra dorana tsirairay. Hoy aho tao am-poko hoe, 'Angamba ireo zanakalahiko rehefa nanao fe—fety, ary nanatrika ireo zanakavaviko, angamba mety nanota tao am-

pony izy ireo, koa hanatitra fanatitra dorana anankiray aho avy amin'izy ireo ary hifona ny fahadisoan'izy ireo.'"

60 O Andriamanitra! Rehefa ny olona anankiray no mihazona izay nolazain'Andriamanitra, dia manana antoka izy fa Izy no Andriamanitra, tsy maintsy mamaly Izy. Ny finoana no miantso Azy ho eo amin'ny sehatra, isan'andro.

61 Rehefa nataonareo izay fantatrareo fa marina, rehefa notanterahinareo ireo Fitakiany, rehefa nifona ianareo ka nanao ny marina, ary nanao fanonerana, ary nametraka an'izany teo anatrehan'Andriamanitra. Tsy ahoako hoe mangina toy ny ahoana Izy, mbola Andriamanitra foana Izy, miandry ny hametraka an'ilay finoana eo. Nataonareo ny asanareo, ankehitriny miandry Izy ny hahita ny finoanareo amin'ny alàlan'ny asanareo. Tiany ny hahita izay hataonareo.

62 Raha nosorana ianareo ka nivavahana, dia miandry Andriamanitra ny hahita izay hinoanareo mikasika an'izany. Tsy hihazakazaka ny Alahady manaraka, dia hihazakazaka ny andro manaraka, ary tonga ny mpanasitrana manaraka mandalo amin'ny tanàna. Miandry Izy ny hahita ny fihetsikareo eo amin'ny finoanareo. Tsy miverina, ny andro manaraka, ka manao hoe, "Tsapako tena marary aho, tsy mihevitra aho fa sitrana." Tsy mendrika akory an'ilay laharam-bavaka ianareo, voalohany. Tsy mendrika ianareo. Tsy mendrika ianareo. Tsy vonona ianareo, tsy mbola. Tsy mino ianareo fa Izy no Andriamanitra. Izaho tsy . . .

63 Mety miteny ianareo hoe, "Rahalahy Branham, tsy miombon-kevitra aminao aho." Ny fihetsikareo manokana no manaporofo izay maha-izy anareo. "Ny voany no hahafantaranareo azy ireo." Raha misy olona iray milaza fa Kristiana izy; ary mbola misotro izy, sy mifoka, sy miloka, ary miteny vazivazy maloto, ka manao hoe, "Ampahany iray an'ny Baiboly no marina, ary ireo ampahany ireo tsia." Afaka mitory ny Filazantsara izy, nefa mandà ampahany iray an'ny Baiboly. Mbola mpanota anankiray foana izy. Tsy marina izy, tsy mbola.

64 Fa rehefa manambara ankarihary ianareo fa Andriamanitra dia Andriamanitra tsy miova, ary ny fiainanareo mipetraka eo an-Tànany, mba ho, "Tompo, izaho ilay tanimanga; Ianao no Mpanefy," amin'izay fotoana izay dia angataho izay tianareo. Tsy hihetsika mihitsy ny finoana. Hijoro tsara eo izany.

65 Na dia toy ny hilatsaka avy ankavanana sy ankavia aza ireo toe-javatra, ilay finoana kosa dia tsy nihetsika mihitsy, satria nanana antoka ianareo fa Izy no Andriamanitra. Ary raha Izy no Andriamanitra, dia hihazona ny Fampanantenany Izy. Tsy afaka hanao fampanantenana anankiray Izy dia handrava an'izany. Raha Izy no Andriamanitra, dia tsy maintsy mitazona

ny Fampanantenany Izy. Oh, tiako izany. Tsy maintsy mitoetra miaraka amin'izany Izy.

66 Nanao ny fanatiny i Joba; nataony ny zavatra rehetra. Fantany fa marina izy. Ary indro fa tonga ireo mpikamban'ny fiangonana, ny sasany avy amin'ireo fiangonan'ny anarampiangonana hafa, nanao hoe, "Ry Joba, tsara ianao raha mifona fa ianao dia mpanota, satria Andriamanitra dia tsy hamela anao ho voasazy tahaka an'izao raha tsy mpanota ianao."

67 Saingy hoy Joba hoe, "Efa vitako ny fifonako. Efa nametraka fanatitra dorana eto anatrehan'Andriamanitra aho, ary tsy mpanota aho." Fantany izay nijoroany. Avy eo dia nandeha ny zavatra rehetra, nandeha fotsiny dia nandeha dia nandeha, nihamafy fotsiny arakaraky ny nandehanany, niezaka handavo an'i Joba, ary hitondra an'i Joba eo amin'ny toerana anankiray izay handavany an'Andriamanitra sy handavany an'ilay fanatitra dorana. Ny minitra iray izay hanaovanareo fihetsika eo ambonin'ny zavatra rehetra izay ambaranareo, dia izany no mampiseho ny fahalemenareo, ny fisalasalanareo amin'Andriamanitra. Raha mangataka zavatra amin'Andriamanitra ianareo, ary mandeha ka misalasala amin'izany, amin'izay fotoana izay dia mpisalasala anankiray ianareo fa tsy mpino anankiray.

68 Fantatr'i Joba izay nijoroany, ary nijoro mafy teo amin'izany fototra izany izy.

69 Tsy mahagaga raha nilaza i Pruitt, teo amin'ny ora nahafatesany hoe:

> Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
> Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

70 Eo amin'izany vatolampy mafin'ny fanambaran'i Joba izany, na dia lasa aza ny vady malalany. Rehefa lasa ny fahasalamany, ary namely azy ireo vay, ary nihaotra ny tenany izy ka nanozona ny andro izay nahaterahany. Hoy izy, "Enga anie na dia ny masoandro aza tsy hamiratra! Enga anie ny volana hilentika amin'ny alina."

Hoy ny vadiny hoe, "Ry Joba, fadiranovana loatra ianao. Nahoana ianao no tsy manozona an'Andriamanitra dia ho faty?"

71 Hoy izy hoe, "Miteny toy ny vehivavy adala ianao." Nanana antoka izy fa misy Andriamanitra anankiray, ary nahatanteraka an'ireo fitakiana izy. Oh, mahatsapa ho mpivavaka aho. Fantany fa nahatanteraka an'ireo fitakian'Andriamanitra izy, ary vita hatreo izany. Nizaha toetra ny finoany Andriamanitra. Hizaha toetra ny anareo Izy. Hizaha toetra ny ahy Izy.

72 Saingy rehefa nahatanteraka an'ireo Fitakiany ireo isika, "Mibebaha ianareo rehetra ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny helokareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina," izany

no Fampanantenany. "Raha misy marary eo aminareo, antsoy ireo loholona ao amin'ny fiangonana. Aoka izy ireo hanosotra diloilo azy ireo, ary hivavaka. Ny vavaky ny finoana no hamonjy ilay marary, ary Andriamanitra hanangana azy ireo." Vita hatreo izany. "Ifony ny fahadisoanareo, samy ianareo, ary mifampivavaha." Nahatanteraka ny fitakian'Andriamanitra ianareo.

73 "Izao famantarana izao no hanaraka ireo izay mino. Handroaka devoly amin'ny Anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo; raha mandray menarana izy ireo na misotro zavatra mahafaty, tsy hampaninona azy ireo izany; raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Vita hatreo izany.

74 Manàna antoka an'Andriamanitra. Mahazoa antoka, fa ao amin'ny fonareo, dia mino ianareo fa izany no Tenin'Andriamanitra. Izany i Joba.

Hoy ny vadiny hoe, "Nahoana ianao no tsy manozona Azy dia ho faty? Nahoana, miha-ratsy hatramin'ny farany ianao."

75 Ahoana no itiavan'i Satana manipy an'izany eo aminareo. "Nahoana, tsy tsaratsara noho ny taloha ianao rehefa nosorana. Tsy tsaratsara noho ny taloha ianao rehefa avy nivavahan'ireo mpitory teny ireo. Ireo mpitory teny ireo dia tsy marina, voalohany." Tsy misy idiran'ilay mpitory teny ny momba an'izany. Izany dia ny finoanareo an'ilay Andriamanitra velona, no mikaonty. Tsy ny maha-izy an'ilay mpitory teny; ny maha-izy an'Andriamanitra izany. Tsy ilay mpitory teny mihitsy no nanao ny teny fikasana; Andriamanitra no nanao ny teny fikasana. Tsy miankina amin'ilay mpitory teny; miankina amin'Andriamanitra izany, sy ny finoanareo mba hinoana fa Andriamanitra izany. Koa manàna antoka an'Andriamanitra. Manàna antoka fa Andriamanitra izany, ary izany no Tenin'Andriamanitra. Ary Andriamanitra dia ao amin'ny Teniny.

76 Ary hoy Joba. "Miteny toy ny vehivavy adala ianao." Hoy izy, "Ny Tompo no nanome, ary ny Tompo no naka; isaorana anie ny Anaran'ny Tompo." Nanana antoka izy fa teo Andriamanitra.

77 Ary rehefa nivoaka ny vavany izany, dia nanomboka nierona ny kotrokorana ary nanomboka nanjelatra ny tselatra. Niditra an-tsehatra Andriamanitra. Izany foana no miantso Azy eo amin'ny sehatra. Nitoetra mangina nandritry ny fotoana ela Izy.

78 Izany no Ataony. Jereo ity andian'Amerikana voatokana ho an'ny helo ity, mpiangona mpihatsaravelatsihy. Tsy tezitra aho akory. Fa ny fahotana no tezitra amin'ny olona izay mahitsy miaraka amin'Andriamanitra. Tsy tezitra amin'ny firenena, tsy tezitra amin'ny olona, fa tezitra amin'ny devoly izay nahatonga an'ireo zavatra ireo hanajamba ny olona aho.

79 Ireo pasitera jamba sy mpitory teny ireo dia mamela azy ireo hilamindamina miaraka amin'ny karazana teolojia

kely nataon'olombelona. Tsy maintsy ateraka indray ianareo. Ary Andriamanitra dia mihazona ny Teniny. Mahita azy fa mandrotsirotsy azy ireo izy. Tsaratsara kokoa aminareo ny hahazo antoka fa ao Andriamanitra. "Manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny."

80 Ity mahantra ity, vehivavy kely, dia fantany fa Izy no Andriamanitra. Raha ilay barika no nidina, nidina, nidina, nidina, ireo toe-javatra dia niha-ratsy ary ratsy, hatramin'ny farany. Saingy Andriamanitra no mamela an'izany ho eo amin'io làlana io. Tiany fotsiny ny manao an'izany. Tiany ny mametraka ny finoanareo eo amin'ny fizahan-toetra anankiray, mba hahita hoe ahoana ny ho fihetsikareo eo amin'izany, mamela anareo ho voahosotra sy hivavahana, avy eo dia manao anareo hiha-ratsy. Hoy Izy, "Avia, ry Satana, ataovy ao amin'ny fizahan-toetra izy. Fantatro fa mino Ahy izy." Isaorana mandrakizay Andriamanitra! Oh, oadray! [Nitehaka ny tànany indroa Rahalahy Branham—Mpand.] "Ataovy ao amin'ny fizahan-toetra anankiray izy ankehitriny. Fantatro fa nandray ny Teniko izy ho an'izany." Mba afaka hiteny an'izany mikasika anareo ve Izy?

81 Niteny an'izany Izy mikasika an'i Joba. Hoy Izy, "Ataovy aminy ny zavatra rehetra izay tianao, fa aza alainao ny ainy, satria fantatro fa tia Ahy izy. Efa nanao an'ilay fanatitra dorana izy. Efa nanao an'ireo fitakiana izy. Nataony izay Nolazaiko azy mba hatao, ary nino an'izany izy. Ankehitriny akodiadiavo eo ambonin'ny arina izy raha tianao." Nesoriny taminy avokoa ny zavatra rehetra. Nataon'Andriamanitra avo roa heny izany rehefa Naveriny taminy izany. Azo antoka, hanao Izy.

82 Mametraka ny finoanareo eo amin'ny fizahan-toetra anankiray Izy, mba hahitana raha tena mino marina tokoa isika fa Izy no Andriamanitra.

83 Io vehivavy kely io, tsy isalasalana, fa hoy izy, "Nivavaka aho. Nivavaka aho. Fantatro fa izaho dia Jentilisa tsy mendrika anankiray."

84 Tsarovy, fa niteny ny aminy Jesosy ao amin'ny Baiboly. Hoy Izy hoe, "Tsy maro ve ireo mpitondratena tamin'ny andron'i Elia?" Fa ho amin'ny anankiray ihany no nanirahana azy, ary izy dia Jentilisa."

85 "Oh," hoy izy, "Mivavaka aho." Angamba, rehefa nahita an'ilay mofomamy farany izy, dia efa tafiditra teo amin'ny vavahady ilay fahafatesana ary niditra teo am-baravarana. Iray monja sisa, silany iray, dia maty izy sy ny zanany. Afaka mahita azy aho, ny alina manontolo, nivavaka, nitsoka ilay rivotra mafana, ary ny tany nihamaina, ary ny olona nitomany sy nikiakiaka teny amin'ny làlana. Nihodinkodina izy, eran'ny trano. Nijery an'ilay zanany kely izy. Nijery an'ireo akanjomandry keliny; simba daholo izy ireo, ary ireo tongony

nivoaka tety ivelany. Nijery ny tànany manokana izy, niketrona. Nandeha niverina sy nandroso izy, fa hoy izy hoe, "Fantatro fa Izy no Andriamanitra. Efa nataoko ny fifonako rehetra. Efa vitako ny zavatra rehetra izay Notakiany. Mangataka ny ainay aho, ho an'ny Voninahiny." Nahita azy Andriamanitra.

86 Ny sisa tamin'izy ireo dia nandeha tany ivelany ary nanao dihy lehibe tany ho any, nanao ny tenany ho tsara tarehy, nanana ny fampisehoana moderin'ny televiziona na zavatra hafa, nanohy niaraka tamin'izao tontolo izao. Fa ity vehivavy ity kosa dia irery niaraka tamin'Andriamanitra.

87 Tonga ny fiposahan'andro. Hoy izy hoe, "Ity namana kely ity dia nitomany ny alina tontolo, ho an'ny zavatra ho hanina. Inona no hataoko amin'ny koba kely eran'ny tànan'ila?"

88 Fantatrareo, io koba io dia Kristy. Ny mpianatra Baiboly rehetra dia mahalala fa Kristy no Koba-fanatitra. Ary io koba fanatitra io dia tsy maintsy totoina amin'ny fikoseham-bary hafakely, ihany koa, mandra-pamotiny ny katsaka kely tsirairay hitovy; satria Jesosy Kristy no tsy miova, omaly, anio, ary mandrakizay. Ary ny mpino tsirairay dia mino an'izany ary miorina eo amin'izany. Haleloia! Azonareo alaina ireo fivavahanareo tranainy, fombafomba mangatsiaka izay tianareo. Ho ahy, izaho dia mino fa Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Maka ny toerako aho ao anatin'ity izao tontolo izao tsy mahatoky ity. Mbola mino aho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

89 Ireo fikoseham-bary ireo dia hamotika ny tsirairay amin'izany hitovy fotsiny, satria Izy no tsy miova. Izy no Andriamanitra tsy miova izay Izy tamin'izany fotoana izany, Izy izao ankehitriny izao, izao maraina izao. Mbola tsy hiova foana Izy. Izany no dikan'ilay koba.

90 Ary ny diloilo dia midika ny Fanahy, fa fantatsika araka ny Ezekiela 4, sy ny sisa. Izany no antony hanosorantsika diloilo; ny Fanahy izany. Inona izany? Araka ny Masindahy Jaona 4, "Ny Ray dia mitady fatratra ny hivavahana Aminy amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana." Jesosy no Fahamarinana. Izy no Koba-fanatitra, ary io diloilo io no Fanahy. Ary ilay Fanahy, nafangaro tamin'ny Fahamarinana, dia tsy maintsy hitondra zavatra. Ataovy mifangaro io, fa hanao mofomamy anankiray. Oh!

91 Aiza ny finoanareo? Rehefa ny Tenin'Andriamanitra no notoriana tao anatin'ny Fahatsorany, na dia ao amin'ny Heriny aza, fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ary ny Teny dia lasa Koba, tsy maintsy manana an'ilay Diloilo ianareo afangaro Aminy. Mety ho eran'ny tànan'ila kely izany, na eran'ny sotro anankiray, saingy, na inona na inona ilay izy, dia tena misy izany.

92 Ankehitriny vonona ho an'ny inona izany? Vonona ho an'ilay hazo fijaliana izany. Vonona ho an'ny fanoloran-tena izany. Izany no tsy maintsy hataonareo. Raha notoriana ny Teny, ka nahazo an'ilay Fanahy ianareo ary nafangaro miaraka Izany, dia fanoloran-tena izany mba handavana ny fanaintainana tsirairay, handavana ny aretina tsirairay, handavana ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary mijoro eo amin'izany.

93 Ny dokotera milaza an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*; aza manao fahasamihafana kely amin'izany akory. Mijoroa eo amin'Izany ianareo, satria Andriamanitra no nilaza an'izany. Tonga ilay Koba. Nahazo ny Diloilo ianareo. Afangaronareo miaraka Izany.

94 Ankehitriny, mandre feo anankiray aho. Taoriana kelin'ny fiposahan'andro izany. Miteny ny feo anankiray, ary nanao hoe, "Mivoaha eny an-tokotany ary makà tapa-kazo roa." Mba voamarikareo ve, hoy ny Soratra hoe, "tapa-kazo roa"? Ny hazo fijaliana. Manana an'ilay koba sy ilay diloilo izy, saingy tsy maintsy nantsoina izy, mba hihetsika ankehitriny; hihetsika miaraka amin'izany. Na betsaka aza no anananareo, Koba betsaka na Diloilo arak'izay ilainareo, saingy tsy maintsy mihetsika ianareo; fanoloran-tena.

95 Tapa-kazo roa. Tamin'ny andro fahiny dia tsy nahita fomba tsara hanaovana afo anankiray izy ireo. Rehefa alainareo ny tapa-kazo anankiray ka ampifanapahanareo amin'ny tapa-kazo anankiray, ampireheto eo amin'ny afovoany izany, arosonareo ireo tendron'izy roa. Ireo Indiana dia mandrehitra an'ireo afony. Nandrehitra an'izany aho, im-betsaka, nandritry ny alina manontolo. Maka vatan-kazo anankiray fotsiny, ary ity tahaka an'*izao*, ary ny iray tahaka an'*itsy*, ary mitohy manosika azy fotsiny ao anatin'ilay afo arakaraky ny hirehetany.

96 Io tapa-kazo io dia ny hazo fijaliana. "Tapa-kazo roa," hoy ny Baiboly. Hoy ilay feo hoe, "Mandehana mankeo an-tokotany ary makà tapa-kazo roa." Tamin'io fotoana io ihany, tery amin'ilay tendrombohitra, dia nisy feo anankiray nikotroka nidina teo amin'ilay mpaminany ary nanao hoe, "Mandehana mankao an-tanàna. Izaho efa nandidy." Oh, oadray! Samy nankatoa izy roa. Misy zavatra tsy maintsy hitranga. Izy roa dia samy mankatoa.

97 Raha mitory ny Teny ilay mpitory teny, ka ilay olona mandray Azy dia mino Azy ary mihetsika eo ambonin'Izany, dia tsy maintsy hisy zavatra hitranga. Raha mpanota anankiray ianareo, dia tsy maintsy ho voavonjy ianareo. Raha marary ianareo, dia tsy maintsy ho sitrana ianareo, satria Andriamanitra no nampanantena an'izany, raha manana antoka an'Andriamanitra isika.

98 Tena manana antoka fa Izy no Andriamanitra, dia tsy maintsy hihazona ny Teniny Izy. Izany tokoa! Noho izany dia izao ilay didy, "Mandehana mankao an-tanàna, fa efa

nandidy vehivavy mpitondratena anankiray Aho." Naseho teo anatrehan'ilay mpaminany ny fahitana anankiray. Indro izy tonga, nandeha. Tsy mahafantatra izay halehany izy; tsy nampisy fahasamihafana izany. Nankatoa fotsiny izy.

99 Izy tsy nahafantatra hoe aiza no hipetraka ireo tapa-kazo ireo, saingy misy tapa-kazo roa ao amin'ilay tokotany any ho any. Miainga izy. Mivoaka any amin'ilay tokotany izy. Mijery manodidina izy, "Oh, mafana izy izany!" Ireo hiakiaka avy ao an-tanàna, ireo mpiriorio amin'ny alina tonga teo, mivembena, misotro ireo divainy, sy ny sisa. Mijery ny eny amin'ny làlana izy. Tsy mahita na inona na inona izy. Mahita tapa-kazo anankiray izy; ampahany iray amin'ilay hazo fijaliana, fanoloran-tena. Maka silany anankiray izy, tapa-kazo anankiray. Ary rehefa naka an'io tapa-kazo faharoa io izy . . .

100 Oh, tsy maintsy ho mampalahelo toy ny inona re izany, fahafatesana mitoetra eo am-baravarana. Izy sy ny zanany dia tsy maintsy nihinana silany kely anankiray avy amin'ny mofomamy novolavolaina dia ho faty. Izay no faran'ilay izy. Ary indraindray, ao afovoan'ny alahelo mihitsy, no andrenesantsika an'ilay feo.

101 Rehefa naka an'ilay tapa-kazo faharoa izy ary nanomboka niverina, dia nisy feo anankiray tonga avy tao ambadik'ilay vavahady, nanao hoe, "Hakao rano kely amin'ny fisotroana aho."

102 Nitodika izy mba hijery, niaraka tamin'ireo tapa-kazo roa teny an-tànany, niaraka tamin'ilay koba sy menaka voafangaro ary vonona. Nilaza izy fa izy no nanamboatra azy, nanafangaro azy niaraka. Izany dia, ny Teny sy ny Fanahy, dia tsy maintsy afangaro miaraka. Apetraka eo ambonin'ny hazo fijalian'ny fanoloran-tena, mba handà ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'izay nangatahinareo. Marina izany. "Nafangaroko ilay izy, ankehitriny aho dia maka an'ireto tapa-kazo ireto."

Ary hoy ilay feo hoe, "Itondray rano fisotro kely aho, ao amin'ny fisotroana."

103 Mijery izy, ary mahita lehilahy anankiray mitsangana izy, miankina amin'ilay vavahady, mahia takolaka, misy volombava, sola loha, mijery azy avy eo am-bavahady, miaraka amin'ny tapaka hoditr'ondry tranainy anankiray manarona manodidina azy. Tahaka ny karazana lehilahy antitra anankiray tsara fanahy izy.

104 Hoy izy hoe, "Ho zaraiko aminy ny ranoko." Ranon'Aina, tianareo ny hanome an'izany ho an'ny olona rehetra, hiresaka amin'ny olona rehetra, handeha na aiza na aiza. "Vetivety fotsiny, tompoko." Manomboka miverina izy, miaraka amin'ireo tapa-kazo eny an-tànany.

105 Ary nikotroka indray ilay feo, "Tsy hoe mizara ny ranonao fotsiny ianao, fa itondray sombi-mofo kely eny an-tànanao aho."

Mofon'aina; ranon'aina! An'ny aina ve ilay izy? Ho faty izy vantany vao lany izany. "Itondray ny ranonao aho ary itondray ny mofonao aho."

106 Inona no hitantsika eto? Lesona inona no mety hitantsika? "Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra, sy ny Fahamarinany rehetra; dia hanampy ny zavatra rehetra."

"Itondray rano kely aho sy sombi-mofo iray."

107 Avy eo dia nitodika izy, tao amin'ny alahelony. Afaka mandre azy aho manao hoe, "Tompoko," zavatra tahaka an'izao, "ianao dia hafa amin'ireo lehilahy izay efa hitako, sy ireo lehilahy izay reko miresaka. Toa tahaka ny mahazo antoka amin'izay lazainao ianao. Saingy koba zara raha misy fotsiny no ananako, eran'ny tànan'ila fotsiny, ary diloilo eran'ny sotro iray fotsiny. Nanamboatra azy aho, ary handeha hahandro azy aho miaraka amin'ireto tapa-kazo roa ireto. Ary hihinana azy aho, izaho sy ny zanako, dia ho faty. Izay ihany no ananako."

108 Inona no henontsika, avy eo, ny manaraka? "Fa, makà mofomamy kely ho ahy, aloha." Andriamanitra, aloha. Tsy mampaninona izay lazain'ny olon-kafa, izay zavatra hafa, izay fahamarinana rehetra, na malahelo tahaka ny inona ilay izy, na mety ho inona izany na inona, raiso Andriamanitra, aloha. Ny Teniny, aloha.

109 "Nilaza ny dokotera fa tsy mety ho tsara aho." Fa, ny Teniny, aloha. "Izaho dia mpanota be loatra. Mpijangajanga aho. Mpiloka aho. Mpisotro aho."

Tenin'Andriamanitra, aloha. "Na dia toy ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy toy ny orampanala izy ireny; mena tahaka ny sily, dia ho fotsy toy ny volon'ondry izy ireny." Voalohany, Andriamanitra.

110 "Mandehana, itondray mofomamy kely aho, aloha. Izay rehetra anananao, ento aty amiko izany." Sitrakareo ve ny hanome an'izany ho eo an-Tànany?

111 Ny fiainako, ny amiko rehetra. Dimampolo taona aho. "Sitrakao ve, William Branham, ny hametraka an'izany eo Amiko? Sitrakareo ve, ianareo ankizy kely ireo, ny hametraka ny fiainanareo eo Amiko? Sitrakareo ve? Afaka manao an'izany ve ianareo, ry olona marary? Afaka mahatoky Ahy ve ianareo? Apetraho eo aloha Aho."

112 "Itondray sombi-mofo eny an-tànanao aho, ary hakao rano kely aho." Nijery azy izy. Nisy zavatra niteny taminy fa io lehilahy io dia nahafantatra izay noresahiny.

Andriamanitra dia mahafantatra ny Ondriny Manokana. "Ny Ondriko mahalala ny Feoko. Fantatr'izy ireo na Soratra izany na tsia, na marina izany na tsia."

113 Niverina izy, tamin'ny fankatoavana. Izany no tsy maintsy ataonareo. Ary rehefa niverina izy, mba hankato an'izay

nolazain'ilay mpaminany fa hatao, tamin'izay fotoana izay dia tonga ny kotrokorana avy tany An-danitra, izay andrasan'ny olona rehetra ho heno. Satria, indro nivoaka avy tao amin'ny feon'ilay mpaminany ny kotrokorana iray, izay irian'ny mpanota tsirairay sy ny olona marary tsirairay ho heno, "HOY NY TOMPO HOE."

114 Toy ny ahoana no faniriantsika handre an'Izany! Toy ny ahoana ireo olona mipetraka eo amin'ny làlako mody, manao hoe, "Avia ato amin'ity varavarana ity. Ny zanakavaviko dia *izao*. Ny zazakeliko, ny, tena malemy. Mitenena fotsiny an'ilay teny." Ahoana no hahafahanareo hiteny an'izany alohan'ny haha-eo an'izany ao am-bavanareo? Mety ho ny tenanareo ihany no hiteny an'izany. Saingy izy ireo dia maniry ny handre an'izany, "HOY NY TOMPO HOE."

115 Tonga teo izany, niankina teo amin'ilay fefy, satria nankato izy. Ary rava ilay alahelo. "HOY NY TOMPO HOE. Tsy ho foana ny barika, na ho maina ny siny, mandra-pahatongan'ny andro izay handefasan'ny Tompo Andriamanitra ranonorana amin'ny tany." Oh, fampiononana anankiray toy ny inona!

116 Nanao an'ilay mofomamy izy. Nomeny an'ilay mpaminany izany. Niverina izy ary nanao vitsivitsy ho an'ny zanany sy ho an'ny tenany. Ary nihinana sy nisotro izy ireo, tamin'ny fahavokisana, teo amin'ny tany.

117 Avy taiza izany? Ahoana no nahatonga an'izany teo? Ara-tsiansa dia lazao ahy hoe avy taiza io koba io. Avy taiza io diloilo io? Ahoana no nahatonga an'izany tao anatin'ilay siny? Nandraraka an'ilay izy ho maina izy, isaky ny maraina. Nofoanany ilay barikan'ny koba, isaky ny maraina, ary maina ilay izy. Saingy rehefa niverina izy nanampy, dia nisy izany. Avy taiza izany? Raiso amin'ny Teniny Andriamanitra. Manàna antoka an'Andriamanitra. Izy no Mpamorona.

118 Mety ho efa very ny fahasalamanareo. Mety ho efa very ny firaisanareo. Raiso amin'ny Teniny Izy. Manàna antoka fa Izy no Andriamanitra. Ireo fotoanan'ny alahelo izay miseho ankehitriny, dia mety tsy tena mampalahelo raha handray ny Teniny fotsiny ianareo ka hanana antoka fa Izy no Andriamanitra.

119 Tany Alemaina, indray mandeha, dia nahita sary anankiray aho, ary niraikitra tamiko mihitsy izany. Mpanao hosodoko Alemana anankiray no nandoko ny . . . sary anankiray izay—izay nantsoina hoe "Ny Tanin'ny Rahona." Ary rehefa jerenareo ilay izy, avy eny lavitra, dia endrika alahelo mampatahotra indrindra izay tsy mbola hitanareo izany. Rahona natambatambatra miaraka fotsiny, rehefa mijery azy avy lavitra be ianareo. Saingy rehefa tena manakaiky azy ianareo, dia miova ilay izy. Elatr'Anjely mikopaka miaraka ilay izy, mihira ny haleloia ho an'ny Tompo. Koa izany ilay alahelo indraindray. Raha mijery

azy ianareo, avy lavitra be, dia toa mampalahelo sy maizina ilay izy. Saingy raiso amin'ny Teniny Andriamanitra ary manàna antoka fa Izy no Andriamanitra, ary manatona manakaiky an'izany, dia ho hitanareo fa elatr'Anjely mikopaka miaraka fotsiny izany.

120 Izy dia tahaka an'i Abrahama ihany, nantsoina mba hanome ny zavatra rehetra izay nananany, nametraka an'izany teo ambonin'ny alitaran'ny fanatitra. Angamba ianareo dia antsoina tahaka an'izany, izao maraina izao. Afoizo ny làlanareo. Afoizo ny tsy finoanareo. Afoizo ny zavatra rehetra izay anananareo. Ary avy eo dia raiso ilay Diloilo sy ilay Teny, ary afangaroy miaraka Izany, ary apetraho eo ambonin'ny alitaran'ny fanoloran-tena Izany. Ho hitanareo, hiantso an'Andriamanitra ho eo amin'ny sehatra Izany, azo antoka tahaka ahy mitsangana eto amin'ity polipitra ity.

Eritrereto izany raha hivavaka isika.

121 Manana zavatra ilaina ve ianareo androany? Manana zavatra ilaina ve ianareo izay lehibe lavitra noho izay mety ho azonareo amin'ny ara-batana? Kely loatra ve ny vola ka tsy afaka mandoa ny hofan-tranonareo ianareo? Mila kiraro vaovao ve ny ankizy, nefa ianareo tsy manam-bola hividianana an'ireo? Foana ve ilay barika ao an-tranonareo, ary efa ho maina ve ilay siny? Tsy afaka mividy vilona ho an'ny biby fiompinareo ve ianareo? Ary, misy, zavatra tsy mety ve? Tsarovy, nanao fampanantenana anankiray Izy.

122 Marary ve ianareo, ka milaza ny dokotera fa mila fandidiana ianareo? Tsy manam-bola hanaovana an'izany ve ianareo? Manana zavatra ilaina ianareo.

123 Mpanota ve ianareo? Lehibe ve ny zavatra ilainareo, mahafantatra fa raha hiantso Andriamanitra, androany, dia ho very ianareo? Mpiverin-dàlana anankiray nandositra an'Andriamanitra ve ianareo? Ary fantatrareo fa an'ny fiangonana anankiray ianareo, nefa fantatrareo fa tsy mahitsy ianareo? Ny fieritreretanareo manokana no miteny aminareo, araka ny Teny, fa tsy mahitsy ianareo. Ary manana zavatra ilaina ianareo. Aza avela hilatsaka amin'ny tany tsilo ireo teny ireo, na eo amin'ny vatolampy, fo vato. Enga anie izy ireo hilatsaka ao amin'ny tsara, tany lonaka.

124 Raha marary ianareo ka ianareo . . . milaza ny dokotera fa tsy ho tsara ianareo, ka manome toky an'Andriamanitra ianareo fa hanompo Azy amin'ny androm-piainanareo rehetra, ka manana antoka ianareo fa Izy no Andriamanitra, tonga hanatanteraka ny Fitakiany. Raha manana zavatra ilaina ianareo, hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra aloha ve ianareo, fa manana zavatra ilaina anankiray ianareo? Andriamanitra hitahy anareo.

Ndao isika hivavaka.

125 O Tompo, azo antoka fotsiny tahaka ahy eto amin'ity polipitra ity izao maraina izao, dia fantatro fa tsy hisy anankiray amin'ireo tànana ireo afaka hitsangana ka tsy Fantatrao, satria Andriamanitra Ianao. Hoy Ianao hoe, "Tsy tsintsina maro ve no namidy venty roa? Tsy mihoatra noho ny tsintsina anankiray ve ianareo!" Tsy mihoatra noho izany ve no Ahitanao ny tànan'ireto vatana mety maty ireto, izay izy ireo no nahafatesan'i Jesosy Zanakao! Tsy be lavitra ve no Nahitanao ny tànan'izy ireo noho ny Hahitanao ny tsintsina anankiray, raha mianjera izany izao maraina izao! Ataoko fa, ny tsintsina roa ambin'ny folo, dia tsy hamidy venty iray izao maraina izao, satria tsy misy mila azy ireo. Fa hisy olana ny fikarakarana azy ireny. Saingy Ianao no mahafantatra ny tsirairay amin'izy ireny; Ianao no mahafantatra ny volom-borona tsirairay izay eo amin'ny vatan'izy ireny. Ianao no mahafantatra ny volo tsirairay izay eo amin'ny lohanay.

126 O Tompo, mamalia vavaka. Aoka izy ireo hanana antoka, izao maraina izao, fa Ianao no Andriamanitra, ary ny Fanahinao Izany. Enga anie ny fanadomboana sy ny famitahan'izao fivavahan'ny andro moderina izao hiendaka amin'izy ireo, manao hoe, "Oh, izaho dia an'*izao* fiangonana izao." Andriamanitra, enga anie izany ho voafafa ao amin'ny fisainan'izy ireo, izao ankehitriny izao. Ao amin'ity fotoana tokana ity, enga anie izy ireo hahazo topi-maso ny Fiainana Mandrakizay. Ary avy eo hitady sy ho noana an'Izany izy ireo, hahafantatra ny amin'Andriamanitra, ary manana antoka fa misy Izy. Mihazona ny Teniny Izy.

127 Ho an'ny mpanota kosa, enga anie izy ireo hibebaka haingana, ho vonona ho an'ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary Ianao no nampanantena fa Ianao hanome azy ireo ny Fanahy Masina. Ianao no nilaza an'izany, Tompo. Mihazona ny Fampanantenanao Ianao.

128 Raha misy mpiverin-dàlana anankiray izay manana antoka fa Ianao no Andriamanitra, ka nirenireny izy ireo. Enga anie izy ireo ho avy androany, satria hoy Ianao hoe, "Na dia toy ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy toy ny orampanala izy ireo. Mena tahaka ny sily, dia ho fotsy toy ny volon'ondry."

129 Ary raha misy ireo izay marary, enga anie izy ireo hahalala fa Ianao no Andriamanitra. Mihazona ny Teninao Ianao. Tsy maintsy mihazona ny Teninao Ianao. Raha mametraka ny tenany izy ireo, miaraka amin'ny Diloilony, ilay Fanahy izay ao anatin'izy ireo izay manambara fa mino izy ireo. Ary avy eo, ihany koa, miaraka amin'ny Teny, ilay Mofon'Aina izay nozaraina, Kristy; nototoina ho azy ireo, tao amin'ny Testamenta Taloha; ary ao amin'ny Testamenta Vaovao, mba hampisehoana fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Enga anie izy ireo hampifangaro an'ilay Teny amin'ilay Diloilo, Fanahy, izay ananan'izy ireo, avy eo dia hitsangana amin'ny tongony

eto amin'ny alitara, manao hoe, "Izao ihany no mba ananako, Tompo. Entiko izany."

Oh, toy ny ahoana no Hampitomboinao azy! Toy ny ahoana no hiantsoan'izany an'ilay Andriamanitry ny tantara ho eo amin'ny sehatra! Toy ny ahoana no hampitsanganan'izany an'i Jehovah, miaraka amin'ny fo miefonefona, hoe, "Nahazo zanaka anankiray Aho izay hankato Ahy. Nataoko teo amin'ny fizahantoetra izy, ary nanaporofo izy fa tia Ahy izy ary mino Ahy izy. Manana antoka izy fa misy Aho." Fa izao no voalaza, "Izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Azy fatratra." Ekeo izany, amin'izao ora izao, raha mametraka an'izany eo Aminao izahay.

130 Ary, ankehitriny, raha mbola manondrika ny lohantsika isika. Ary ireo izay ao anatin'ny filàna zavatra, hitsangana amin'ny tongotrareo ve ianareo, izay te-hametraka . . . Ankehitriny, raha tsy manana antoka ianareo fa Izy no Andriamanitra . . . Raha manana antoka ianareo fa Izy no Andriamanitra, hihazona ny Fampanantenany, famonjeny, fanasitranany, na inona izany na inona, raha manana antoka ianareo fa Izy no Andriamanitra, mitsangàna amin'ny tongotrareo. Raha manana zavatra hafa izay tianareo hivavahana ianareo, mitsangàna amin'ny tongotrareo. Raha ianareo—raha ianareo no manana antoka fa Izy no Andriamanitra, ataovy ho fantatra ato amin'ny fiangonan'ireo masina ny fangatahanareo. Manao an'izany ianareo raha mitsangana amin'ny . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

"Manana antoka aho fa Izy no Andriamanitra. Mino aho fa mihazona ny Teniny Izy. Ary azoko antoka fa ny fangatahako . . . Hametraka an'izany eo ambanin'ilay Rà aho, izao ankehitriny izao." Raha manao an'izany ianareo, apetraho ny fahotana tsirairay. Ny fahotana tsirairay dia tsy finoana. Mety ho mpikamban'ny fiangonana anankiray ianareo, saingy ny fahotana tiako ho lazaina, dia ny "tsy finoanareo." Apetrakareo izany toy ny fanatitra anankiray. Hanatitra azy ianareo. Manatona ny hazo fijaliana ianareo. Hanao fanatitra ianareo, ankehitriny, ny tsy finoanareo rehetra. Ary atolory Azy izany, ary mahafantatra fa misy Izy, ary manana antoka ianareo fa hamaly Izy. Raha ianareo izany, dia atsangano ny tànanareo. Mahareta amin'izany.

131 Tompo, Ianao no Andriamanitra. Indro ny Diloilon'izy ireo sy ny Katsak'izy ireo, nafangaro miaraka. Mitondra an'Izany eo amin'ny hazo fijaliana izy ireo, izay hilatsahan'ny Afon'Andriamanitra ao am-pon'izy ireo (raha tena manao an'izany izy ireo) ary handevona an'ilay fanatitra. Hiditra eo amin'ny sehatra Ianao, hampiakatra an'ilay rano miafina. Avy any An-danitra, ao anatin'ny kalesy Afo anankiray. Hanozongozona ny lanitra sy ny tany manontolo Ianao, mba hamaly soa azy ireo.

132 Ary mijoro izy ireo miaraka amin'ny tànany miainga, mampahafantatra fa mino izy ireo, ary mametraka ny tenany izy ireo, sy ny fangatahana tsirairay izay ananan'izy ireo, eo ambonin'ny Alitaranao mihitsy. O Andriamanitry ny Lanitra sy ny tany, ilay Mpitsara ny Lanitra sy ny tany, azo antoka fa ilay Mpitsara ny Lanitra sy ny tany dia hanao ny fahamarinana. Azo antoka fa Hihazona ny Teniny Izy, Ianao Izay mahafantatra ny fon'ireo lehilahy, ny fon'ireo vehivavy, ny fon'ireto olona ireto.

133 Tompo Andriamanitra, atsangako ny tànako manokana, satria fantatro fa manana fiovana anankiray an'ny asampanompoana aho ankehitriny. Ary mino aho fa misy Ianao. Nahita Anao aho tany nijoro tao anatin'ny Andry Afo anankiray. [Mikapoka intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Nahita Anao nandinika ny zava-miafin'ny fon'ny olona aho. Tsy mbola nisy fotoana iray izay nahadiso Anao. Nampanantena an'izany Ianao rehefa nanao an'izany tany, teo am-pitan'ilay làlana, rehefa Ianao nanomboka voalohany nanaiky ny hanao an'ireo zavatra ireo. Ary Ianao no niaro ahy nanerana an'izao tontolo izao, ary nanerana ary nanerana. Azoko antoka fa Ianao no Andriamanitra. Manana antoka ny amin'izany aho.

134 Manolotra ny tenako miaraka amin'ireto olona ireto aho, sy ny fanatitra avy amin'izay ananako rehetra, Tompo, ho Anao, ho an'ny asa. Manomboka indray aho, Tompo, handeha manerana an'izao tontolo izao. Ampio aho, O Andriamanitra. Raha tsy nino Anao aho tamin'ny fotoana anankiray, mamelà ny fahotako. Mamelà ny tsy finoako. Fantatro fa misy Ianao, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Anao.

135 Toy izany koa, ifonako ny fahotan'ny oloko, izao maraina izao, ireo fahalemeny sy ireo fisalasalany, raha mitsangana izy ireo miaraka amin'ny sandriny miainga. Ifonako ny fahotan'izy ireo, Tompo, sy ny fahalemenay rehetra. Iraho ny Fanahy Masina ho eo aminay, miaraka amin'ny tombokasen'ny Fanekenao, fa Ianao no Andriamanitra. Ary eto Ianao ankehitriny handray anay, ary haka anay ao amin'ny Sandrinao, sy hanavotra anay ny amin'ny zavatra rehetra izay verinay. Raha ny fahasitrananay izany, dia enga anie izany ho tafaverina avo zato heny. Raha ny fanahinay izany, enga anie izany ho tonga aminay toy ny mamelana anankiray, zavatra mamirapiratra, feno ny Fanahy Masina, haseho eo anatrehan'Andriamanitra. Raha tsy finoana izany, enga anie izany hiverina aminay, Tompo, miaraka amin'ny finoana hamindra tendrombohitra. Ekeo izany, Tompo.

136 Mino izahay fa efa mihetsika Ianao, ilay Fanahy Masina izay mameno an'ity trano ity, eo ambonin'ireto olona ireto, ary ao ampon'izy ireo, manetsika azy ireo hanaiky an'ilay Andriamanitra velona. Izany dia ataonay amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Ny finoako mijery Anao,
Ianao Zanak'ondrin'ny Kalvary,

Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny fahotako rehetra,
Aza mamela ahy ho very làlana intsony
Lavitry ny misy Anao.

137 Manao an'izany ve ianareo? Mandray an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mandray an'izany aho ankehitriny. Mino aho."

Raha manitsaka ny safotofoto maizin'ny fiainana aho,
Ka mandrakotra manodidina ahy ireo alahelo,
Aoka Ianao no Mpitari-dàlako;
Baikoy ny aizina hivadika ho ando,
Fohano ireo tahotry ny alahelo,
Aza mamela ahy ho very làlana intsony
Lavitry ny misy Anao.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

138 Aorian'izay Hafatra masiaka, mafy izay; mahery, ary nentina tamin'ny fomba mitratrevatreva, saingy izany no Fahamarinana. Ary raha mino am-panetre-tena ianareo fa izay nangatahanareo, dia azonareo, aza mamela na inona na inona intsony hanosika anareo hiala amin'ilay làlana mahitsy. Mijoroa tsara eo. Tsy mampaninona na firy no hotoriako, na inona no hataoko, na izay hataon'ny olona anankiray, tsy hisy fiantraikany mihitsy izany mandra-panaikinareo azy ho fanananareo manokana.

139 Raha mino an'izany amin'ny fonareo rehetra ianareo, ny zavatra rehetra izay irianareo. Raha nifonanareo ny fahotanareo, dia namela anareo Andriamanitra. Aza isalasalanareo intsony mihitsy izany. Raha mpiverin-dàlana ianareo, tafaverina ianareo, izao maraina izao. Raha mila ny Fanahy Masina ianareo, dia aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny helokareo. Izany no Tenin'Andriamanitra. Tsy hanova an'Izany ho an'ny fiangonana anankiray Izy, tsy anaram-piangonana anankiray, na olona hafa. Tsy maintsy izany ilay izy. Tsy maintsy manatanteraka an'ireo Fitakiany isika, tsy ireo fitakian'ny fiangonana, fa ireo Fitakiany. Izany no tsy maintsy ataontsika.

140 Hoy Izy hoe, "Ny fivavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary." Raha marary ianareo, efa nivavaka tamin'ilay fivavaky ny finoana ho anareo aho. Nivavaka ho an'izany ianareo tao amin'ny fonareo manokana. Ary minoa an'izany, ekeo izany, mifahara amin'izany. Tsy maintsy ho izany ilay izy. Tsy misy na inona na inona manala an'izany, tsy mampaninona na mampalahelo toy ny inona ilay izy.

141 Hoy ianareo hoe, "Eny, toa ohatry ny mbola marary aho izany." Izany dia tsy . . . Izany dia elatr'Anjely mikambana

miaraka fotsiny. Izay ihany. Andriamanitra ao amin'ny endrika fitahiana izany. Toa ohatry ny mampalahelo izany aminareo. Manatona akaikikaiky kokoa dia jereo indray izany, jereo raha tsy Andriamanitra mitsangana eo izany, mihazona ny Teniny.

142 Ankehitriny raha manondrika ny lohantsika isika, hamerina ny fivoriana amin'ny Rahalahy Neville aho, ny pasiterantsika.

Manàna Antoka An'Andriamanitra MAG59-0125
(Be Certain Of God)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 25 Janoary, 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2013 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org